

Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

n° 49

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Janoary 2021

NY MPIOMPIY TRONDRO MANOLOANA NY CORONAVIRUS



Mampifanaraka
ny fomba fiasany
amin'ny zava-misy
ny APDRA (P. 4-5)



Itasy

Fitaovana enti-manomana
tsara ny famatsiam-bola
ny fiompiana trondro (P. 6)

Atsinanana

Ny fiompiana trondro,
asa famokarana tsy
nandairan'ny krizy
loatra (P. 6-7)



SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly manolotra anareo ny firariantsoa ho an'ny taom-baovao 2021 amin'ny alàlan'ity laharana vaovao ity izahay ekipan'ny fanoratana ny gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro ».

Horesahana ato anatin'ity laharana ity ny fiainan'ireo mpiompy trondro malagasy nandritra ny fotoanan'ny krizy izay nateraky ny valanaretina coronavirus.

Tamin'ny tapaky ny volana martsa hatramin'ny volana oktobra 2020 no niaina tao anatin'ny fahamehana ara-pahasalamana nohavaozina isaky ny dimy ambin'ny folo andro ny vahoaka malagasy. Niteraka fihibohana, fikatonan'ny sisintany ary famerana ny fivezivezen'ny olona sy ny entana anatin'ny izany. Niantraika tamin'ny sehatra ara-toekarena maro ny krizy ara-pahasalamana, anisan'izany ny fambolena sy ny fiompiana.

Araka ny fanadihadiana nataon'ny ekipanay dia tsy voakasiky ny krizy ara-pahasalamana loatra ny fiompiana trondro mitaha amin'ireo lalam-pihariana hafa. Na izany aza anefa dia betsaka ireo mpiompy trondro tena nahita fahasahiranana nandritra io fotoana io. Mpiompy trondro telo avy amin'ny faritra Matsiatra Ambony sy Amoron'i Mania no hitantara ny niainany izany. Mifanohitra amin'izay ny zava-nisy tany amin'ny faritra Atsinanana, araka ny fifampiresahana tamin'ireo mpiompy dia tsy niteraka olana goavana teo amin'ny fiompiana trondro ny krizy. Ankoatra izany, ho hitanareo ato, niezaka nitady fomba ahafahana manohy ny asa fanohanany ny tantsaha ny APDRA na teo aza ireo fepetra mifanaraka amin'ny fihibohana.

Ho taom-pahombiazana ho an'ny rehetra anie ity taona 2021 ity !

Samia salama hatrany !

Ny ekipan'ny FMT

LOHAHEVITRA : Ny mpiompy trondro manoloana ny coronavirus

Krizin'ny coronavirus : tsy voakasika loatra ny trondro mitaha amin'ny sehatra hafa

Maro ny fahasahiranana nahazo ny tantsaha nandritra ny krizin'ny coronavirus ary tsy mitovy araka ny seham-pihariana izany. Onja Isaac Fenohanitra, tomponandraikitra ny varotra sy ny taoraharaha ifotony ao amin'ny FIFATA, no hiresaka izany.

FMT : Inona no tena olana nateraky ny fotoanan'ny fihibohana teo amin'ny tantsaha ?

Onja : Lafiny telo no tena niharan'ny fihibohana. Fiantraikany voalohany, tena nanahirana ny famatsiana ireo entana enti-miasa (oh : vaksiny, provandy, sns.), ka nametra ny famokarana. Nifandray tamin'ny tsy fahafahana mivarotra eny an-tsena ny fiantraikany faharoa. Nidina be ny vidin'ny vokatra mora simba tany amin'ny tsena manodidina (oh : nahitana fihenàny 6 000 hatramin'ny 1 500 Ariary isan-tsobika ny vidin'ny voatabia tao Betafo tamin'ny volana aprily). Niteraka fatiantoka arabola lehibe ho an'ny tantsaha nivarotra ireo vokatra ireo izany, nametra ny fahafahan'izy ireo mampiasa vola. Mbola taratra izany ankehitriny, amin'izao fanombohan'ny fotoanan'ny orana izao, tany maro no tsy voavoly vokatry ny tsy fisian'ny vola. Ny fiantraikany fahatelo dia avy amin'ny fahaverezan'ny fahefa-mividin'ny tantsaha, izay mpanjifa ihany koa. Tsy ampy hividianany vokatra eny an-tsena intsony ny vola ary mihena ny fandehanany misakafa any amin'ny hotely. Miantraika amin'ny vidim-bokatra izay mijanona ho ambany izany.

FMT : Inona no fiantraikany teo amin'ny fambolena sy fiompiana ?

Onja : Samy hafa araka ny maha-mora lo ny vokatra ny fiantraikany teo amin'ireo seham-pihariana. Tsy nahitana fivoarana loatra ny vidin'ny vokatra tsy mora simba. Nilatsaka ambany be kosa ny vidin'ireo vokatra mila famarotana maika. Ireo vokatra mora simba ireo anefa dia vokatra manan-danja amin'ny tantsaha (legioma, ronono) satria mampitombo ny tahirim-bola.

Niantraika mafy tamin'ireo vokatra nangonina sy naondrana ivelan'ny toeram-pamokarana ihany koa ny tsy fisian'ny fitaterana. Nidina ny vidin'izany teo amin'ireo mpamokatra nihiboka tany ambanivohitra, niakatra kosa teo amin'ny mpanjifa any an-tanàn-dehibe izay tsy voavatsy ara-dalàna.

FMT : Ary ho an'ny seham-piompiana trondro ?

Onja : Tsy nisy ny fiantraikany teo amin'ny fahafaha-mamokatra satria tsy mila entana enti-miasa ny fiompiana trondro an-tanimbary. Ankoatra izay, efa tafiditra an-tanimbary na an-dobo ny trondro tamin'ny fanombohan'ny fihibohana. Teo amin'ny famarotana no nisy fiantraikany vitsivitsy satria tsy lafo tamin'ny fotoana sy vidiny nilaina azy foana ny trondro. Tsy mora simba anefa ny trondro fa azo najanona tao anaty rano mandrampiandry ny fotoana tsara hivarotana azy. Niteraka fidinan'ny vidin-trondro indraindray ny tsy fananan'ny mpanjifa fahefa-mividy. Amin'ny ankapobeny, nandray anjara tamin'ny fanamaivanana ny vokatry ny krizy tamin'ny mpamokatra ny fiompiana trondro.

Ny mpiompy trondro manoloana ny coronavirus

FMT : Inona no nataon'ny FIFATA nandritra iny krizy iny ?

Onja : Nandritra ny fihibohana, afaka nanohy ny asa fanohanana fanaony ny teknisianin'ny FIFATA. Nisy asa manokana maro natao hanatsarana ny lafiny famarotana. Nanome fitaovana madinika, masomboly, na karazana tosika ny FIFATA hahafahan'ny famokarana miainga tsara indray amin'ny fotoam-pamokarana manaraka, araka ny hahafahana sy ny zava-misy eo amin'ny fikambanana tantsaha isam-paritra. Sarotra anefa izany fandraisana asa izany amin'izao fotoana vita Covid-19 izao miampy ny haintany mafy.



Fifanakalozana mikasika ny famarotana akoho - Union Fitama/Ambalavao - Antananarivo

Niteraka fahasahiranana ho an'ny mpiompy trondro ny coronavirus

Tamin'ny tapaky ny volana martsa 2020, nampihatra ny fahamehana ara-pahasalamana izay narahin'ny fepetra famerana ny fivezivezen'ny olona ny governemanta malagasy. Naharitra enim-bolana izany ary niteraka fahasahiranana goavana. Tantsaha vitsivitsy no hiresaka izany ao anatin'ity lahatsoratra ity.

Rasoanirina Marie Egyptienne antsoina hoe «Marie», mpiompy trondro ao Mitsinjanoro, kaominina Andoharanomaitso, distrikan'Isandra, faritra Matsiatra Ambony

« Mafy taminay tantsaha ny niainana ny valanaretina. Nijanona taty ambanivohitra ny ankamaroanay vokatry ny tahotra ary nialanay mihitsy aza ny mpamangy. Najanona ireo lanonana fanaonay isan-taona noho ny fihibohana. Vokatry ny fepetra famerana fivezivezena navoakan'ny faritra dia tsy nahalafy vokatry izahay raha tsy ny maraina ihany ka tsy ampy nivarotana ny vokatry rehetra izany. Ankoatra izay, amin'ny ampahatelony na ampahafa-bidy no ividianan'ireo mpivarotra ao Fianarantsoa ny vokatry entinay kanefa ny fandanianana nidangana be. Ohatra, namidy 10 000 Ar monja ny laisoa iray kitapo raha 32 000 Ar ny fivarotana azy. Noho ny tsy fisian'ny fiara fitateram-bahoaka dia lasa avo roa heny ny sara-pitaterana ny vokatry satria voatery izahay nanofa fiara niaraka tamin'ny mpamokatra hafa. Nidina be ny vidin'ny legioma ka tsy nahafahanay nividy zana-

trondro betsaka. Tamin'ny aprily-may, zana-trondro 30 fotsiny no nampidiriko raha 100 no fampiditro. »

Rakotonirina François Joseph atao hoe « Reta », mpiompy trondro ao Malazarivo, kaominina Ankaramena, distrikan'Ambalavao, faritra Matsiatra Ambony

« Nampijaly anay ny fiatrehana ny valanaretina coronavirus ! Tafasaraka vokatry ny fihibohana ny mpianakavy. Voarara ny fifampitsidihana, izay tena zava-dehibe teo amin'ny fiarahamonina betsileo. Na dia tsy nihena aza ny vidim-bary (400 Ar ny kapoaka), izay nahafaly anay, dia tsy afaka nitondra vary tany amin'ny rafozako aho. Ankoatra izay, tsy nisy ny fiara fitateram-bahoaka ahazoana mitondra vokatry any Fianarantsoa, Ilakaka ary Toliara. Lo na maina teny am-potony ny vokatry sasany. Niakatra be ihany koa ny vidin'entana ilaina andavanandro sasany toy ny siramamy, menaka, kafe ary savony. Izaho manokana dia tsy nahavidy zana-trondro hohatavizina amin'ity taom-pamokarana 2019-2020 ity vokatry ny fahasahiranana ara-bola niainana teo anivon'ny fianakaviako. »



Marie (faharoa ankavanana amin'ny sary) sy ny mpiompy trondro namany



Rakotonirina François Joseph eo afovoan'ny tanimbariny

Ny mpiompy trondro manoloana ny coronavirus

Razafimahandry Norbert, filohan'ny fikambanana Fiombonantsoa III ao Ankerambe, kaominina Imito, distrikan'i Fandriana, faritra Amoron'i Mania

« Miisa 25 ny mpiompy trondro ao anatin'ny fikambanana misy anay. Tamin'ity taona ity, nifanojo tamin'ny fahamehana ara-pahasalamana ny fotoam-pampiakarana trondro nohatavizina ka natahoranay tsy ho lafo ny vokatra rehetra. Nanapa-kevitra izahay ny hampiasa ny lahatahiry nozarain'ny APDRA, izay ahitana ny laharan'ny findain'ireo mpivarotra trondro ao Ambositra. Nantsoinay ireo mpivarotra ireo ary nifanarahany taminy ny fatra sy ny vidin'ny trondro ary ny daty anaterana izany. Nahafahanay niala ny fitobahan'ny trondro teny antsenana izay mampihena ny vidiny io fandaminana io. Ankoatra izay, nanam-potoana hanomanana ny fandanjana sy ny vola ilaina ny mpivarotra ka nahafahanay tsy niandry ela, nanaja ny famerana ny fivezivezena. Nahitam-bokatra tsara sady tsy andaniana vola be amin'ny fahana io fomba fiasa vaovao miaraka amin'ny mpivarotra io.

Raha 280 kg ny fatran'ny trondro namidin'ny fikambanana tamin'ny 2019, nahatratra 500 kg izany tamin'ity taona ity vokatry ny fampiasana ny lahatahiry. Tianay tohizana ny fampiasana azy satria hitanay fa tena ilaina. »



Razafimahandry Norbert, filohan'ny fikambanana Fiombonantsoa III

Mampifanaraka ny fomba fiasany amin'ny zava-misy ny APDRA

Nametra ny fidinan'ny ekipan'ny APDRA teny ifotony ny krizy ara-pahasalamana, izay nampihena ny fanohanana ny mpiompy trondro. Hisorohana izany dia nanamboatra sy nizara fitaovam-piofanana vaovao mora ampiasain'ny tantsaha ny APDRA.

Tany Amoron'i Mania, Itasy, Matsiatra Ambony sy Vakinankaratra no nanaparahana hafatra ara-teknika mikasika ny fiompiana trondro an-tanimbary amin'ny olona faran'izay betsaka tamin'ny alàlan'ny fitaovana ara-taratasy sy ny raki-peo. Miompana amin'ny fanomanana dobo (fitahirizana ray sy reninondro ary fampanatodizana), ny fanavahana sy ny fisafidianana ray sy reninondro ary ny famantarana ny fahamatoiny, ny fampanatodizana sy ny famindrana atody sy zana-trondro ary ny fanomanana ny sakafon'ny olitra sy zana-trondro, ny fitaovana momban'ny « famokarana zana-trondro ». Maneho torohevitra sy teknika mikasika ny fisafidianana ary ny fanajariana ny vala fanatavizana, ny ady amin'ny biby sy fahavalo mpihaza trondro, ny fampidirana trondro, ny fanomanana ny sakafo, ary farany ny jono sy ny fitaovana fikirakirana trondro, ny fitaovana mikasika ny « fanatavizana ». Nanaovana tantara fihaino

mitohy ahitana fizaràna 14 izay maharitra 10 minitra tsirairay ireo hafatra ireo. Fitaovana ara-taratasy miisa 1 000 mikasika ny famokarana zana-trondro, 2 000 mikasika ny fanatavizana, karta SD miisa 160 sy onjampeo 9 no nivoy ireo hafatra ireo teny anivon'ny mpiompy trondro an-tanimbary. Hita eny amin'ireo mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy tohanan'ny APDRA ireo fitaovana ireo, eny amin'ireo vondrona mpiompy trondro sy ireo mpiara-miasa toy ny CSA, SRPA, DRAEP, FDA ary ireo fikambanana mpamokatra rejionalin'ny FIFATA. Azon'ny fianakaviana na vondrona mpiompy trondro anaovana fiarahana mamaky na fiaraha-mihaino ifandimbiasana ireo fitaovana an-taratasy sy raki-peo. Tena nahasarika olona maro (mpiompy trondro na tsia) ireo hafatra ara-teknika, eny fa na tany ivelan'ny faritra iasan'ny tetikasa aza. Satria tao anatin'ny fotoam-pamokarana zana-trondro isika dia maro ireo mpiompy



Fizarana fitaovana fampiofanana mikasika ny fanatavizana trondro



Ny mpiompy trondro manoloana ny coronavirus

nampiasa mivantana ireo hafatra nalefa an'onjampeo toy ny fanamboarana fitaovam-panatodizana na ny fanajariana ny vala fampanatodizana sy famokarana zana-trondro. Ho an'ireo mpiompy vao, nentiny niofana sy nianatra ny fiompiana trondro an-tanimbary ny fitaovana. Ho an'ireo efa manana traikefa misimisany kosa dia fampatsiahivana sy fitaovana enti-manohana ny fametrahana mpiompy trondro vaovao manodidina izany. Nanamafy ny fifanakalozana eo amin'ireo olona liana amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary teo anivon'ny fianakaviana sy ny fokontany araka izany ireo fitaovana ireo.

Nandray anjara tamin'ny fanentanana sy ny fiarovana ny mpiompy trondro amin'ny fihanaky ny Covid-19 koa ny APDRA. Arotava miisa 2 600 sy taratasy fampahafantarana ny Covid-19 miisa 2 300, araka izany, no namboarina sy nozaraina nanerana ireo faritra iasan'ny APDRA. Ho an'ny mpisitrika sasany dia vao sambany izy ireo no nandray fanentanana sy fahalalana feno mikasika ity aretina ity sy ny fipariahanany.

Fijoroana vavolombelona

Rakotomalala Jaonary, mpiompy trondro ao Tatamolava, kaominina Ankazomiriotra, distrikan'i Mandoto, faritra Vakinankaratra

« Hatramin'ny fahazazako no niompy trondro ny fianakaviako ary efa namokatra zana-trondro araka izay fahalalako aho. Tamin'ny volana jolay, nahita fitaovam-piofanana mikasika ny teknika famokarana zana-trondro tao amin'ny toby fandanjana zaza aho. Nahaliana ahy izany ka nanontaniako ny tomponandraikity ny toby ny fiaviany. Navaliny ahy tamin'izay fa ny teknisianin'ny APDRA, izay tsy dia nandalo firy intsony vokatry ny fahamehana ara-pahasalamana no nanome io fitaovana io. Nionona tamin'izay voarakitr'ilay fitaovana izay nanampy ahy betsaka tamin'ny fanatsarana ny fiompiako aho. Tapa-kevitra aho araka izany fa hanokana ny ray sy ny reninondro ary hamahana azy ireo araka ny ohatra novakiako tamin'ilay fitaovana. Nitrika ahy hametra-panontaniana maro, mikasika ny isan'ny fanatodizan'ny karpa ao anatin'ny taona sy ny teknika ahafahana mahazo vokatra betsaka, ohatra, io fitaovana io. Izany koa no nahatonga ahy hifampiresaka mikasika ny fanatsarana ny fiompiana sy ny olan'ny tsy fahampian-drano tamin'ireo mpamokatra zana-trondro telo eto amin'ny fokontany. Niaranana-maso ny asa famokaranay izahay hampitomboana fahalalana.

famenon'izay efa novakiako tao anatin'ilay fitaovana. Ankehitriny, fantatro tsara ny teknikan'ny famokarana zana-trondro. »

Rasoamanampy Méline, vadin-dRahasavelo Ernest, mpiompy trondro ao Ambohitraina, kaominina Ambohidanierana, distrikan'i Soavinandriana, faritra Itasy

« Taona maro no niarahan'ny vadiko niasa tamin'ny APDRA kanefa tsy mbola tena nampita fahalalana ara-teknika tamiko sy ny zanako izy. Nandritra ny krizin'ny coronavirus, voafetra ny fifampikasohany tamin'ny teknisianina kanefa, nanaraka tantara mikasika ny teknikam-piompiana trondro, nalefan'ny APDRA tao amin'ny radio Feon'Itasy izahay.

Aorian'ny fizarana iray dia nahazatra anay mivady ny miady hevitra mikasika ny teknika voaray tamin'ny fandaharana. Betsaka ny teknika nahaliana ahy, saingy ny fisafidianana ny ray sy reninondro ampiasaina no nanamarika ahy. Fantatro ankehitriny fa tsy azo atao mihitsy ny mampivady trondro iray rà. Nahafinaritra ahy ihany koa ny fanazavana mikasika ny teknika famindrana atody sy olitra, izay asa tena sarotra tamiko tamin'ny taon-dasa. Mikasika ny fanatavizana karpa, tsapako koa fa tsy ahavokarana trondro vaventy ny fampidirana zana-trondro be loatra isaky ny vala. Fantatro ankehitriny fa ny fanamasahana, izay tsy nahataitra ahy mihitsy teo aloha, dia tena ilaina ! Amin'izao fotoana izao dia samy mahalala tsara ny teknika fiompiana trondro izahay mivady. Miezaka miady hevitra sy mifanampy izahay isaky ny misy asa tokony atao. Miandry vokatra trondro tsara avy amin'ny fampiharana ireo fahalalana voaray tamin'ny tantara izahay amin'ity taona ity. »



Fanehoana ny fitaovam-pampiofanana mikasika ny famokarana zana-trondro

Tamin'ny fotoana hanoloako ny reninondroko vao nifanena tamiko ny teknisianin'ny APDRA. Nanampy ahy tamin'izany izy sy ny lehiben'ny toby izay mpamokatra zana-trondro ihany koa. Izy koa no nampiofana ahy tamin'ny famokarana zana-trondro,



Mikarakara ny trondrony i Méline


Ny mpiompy trondro manoloana ny coronavirus

Itasy

Fitaovana enti-manomana tsara ny famatsiam-bola ny fiompiana trondro

Niantraika mafy tamin'ny toekaren'i Madagasikara sy ny tahirim-bolan'ny fianakaviana tantsaha ny krizy nateraky ny valanaretina Covid-19. Miaina fahasahiranana ara-bola lehibe ny fianakaviana tena marefo amin'ny fahafahana manatontosa tsara ny famokarana amin'ity taom-pamokarana ity. Araka izany, mety hanampy ny mpiompy trondro amin'ny faminavinana ny filàna ara-bola takian'ny asa ny fametrahana « tetiandro famatsiam-bola ny fiompiana trondro ». Ny ekipan'ny APDRA Itasy misahana ny fanoroan-kevitra ny fianakaviana mpamokatra no namorona io fitaovana io. Toy izao ny fizotran'izany teny ifotony : nandritra ny fihaonana tamin'ny mpanentana, manomana ireo asa mifandray amin'ny famokarana trondro (fanajariana, fanamasahana, fividianana raintrondro, sns.) sy mikajy ny vola ilaina isaky ny dingana ny mpiompy. Aorian'izay no iheverany izay loharanom-bola azony ahetsika. Ohatra, ahafahana mividy provandy amokarana zana-trondro ny fivarotana akoho gasy. Tombony amin'io fitaovana io ny fanehoany ny loharanom-bolan'ny famokarana sy ny fivezivezen'ny vola na ny akora fototra mety hisy eo

amin'ireo famokarana samihafa. Manamafy ny fahaleovan-tena ara-bolan'ny tokantrano sy ny fijerena ankapobeny ny asa famokarana izany. Mandritra ity fotoanan'ny krizy ity, ahazoana mampifanaraka tsara ny asa fiompiana trondro amin'ny fihenàn'ny enti-manomana amin'ny famokarana izany.



Drafitry ny asa sy tahirim-bolan'ny mpiompy trondro iray ao Itasy

Atsinanana

Ny fiompiana trondro, asa famokarana tsy nandairan'ny krizy loatra

Hatramin'ny oktobra, nisy fanadihadiana natao tamin'ireo mpiompy trondro vaovao, izay vao herintaona no niasany. Tamin'ny alàlan'ny fifampiresahana no nahafahanay nijery ny fiantraikan'ny viriosy sy ny fepetra ara-pahasalamana napetraka tamin'ireo faritra sy ny tombony mety hananan'ny fiompiana trondro nandritra ny krizy.

Niantraika tamin'ny tokantrano rehetra tao amin'ny ilany Atsimon'ny faritra Atsinanana, faritra tena iasan'ny APDRA any amin'ny morontsiraka Atsinanana, ny krizy ara-toekarena sy ny fiakaran'ny vidin'ny vokatra tena ilaina. Na izany aza anefa dia azo antoka fa nahafahana nanamaivana ny voka-dratsy ny fahabetsahan'ny vokatra fihinana tao an-toerana (vary, mangahazo, voa madinika, sns.).

Araka ny voalazan'ireo mpiompy trondro, tsy niteraka fahasahiranana lehibe tamin'ny fiompiana trondro ny krizy ara-pahasalamana. Mifandraika kokoa amin'ny vokatry ny fahabangan'ny mpanentan'ny APDRA teo anelanelan'ny tapaky ny martsa sy ny tapaky ny aprily, ny olana voaresaka. Anisan'izany ny fahataran'ny fanamboarana fefiloha vaky na ny fampidirana trondro voalohany. Tao koa ny voka-dratsin'ny rivozoza Francisco, ny febroary 2020, izay nahaverezana trondro avy amin'ny fahatondrahan'ny dobo sy tanimbary, izay tena nanamarika sy nandona ny mpiompy trondro. Mpiompy trondro maro no nanazava fa raha « mafy tamin'ny fianakaviana » ny fepetra fanakanana ny valanaretina, ho an'ny fiompiana trondro kosa dia « tombontsoa izany satria nahazoan'izy ireo fotoana betsaka kokoa hikarakarana trondro sy dobo ». Tombony ho an'ny fiompiana trondro koa ny fodian'ny olona maro tany an-toerana satria nampitombo ny olona afaka miasa eo anivon'ny fianakaviana. Afaka nisitraka tsara izany tamin'ny famitana ny dobo barazy na dobo fikirakirana ireo mpiompy trondro teo an-dàlam-panorenana.

Tany amin'ny faritra saro-dàlana, niakatra vokatry ny famerana ny fivezivezen'ny olona sy ny entana ny vidin'ireo vokatra maro tena ilain'ny tokantrano, nafarana tany amin'ny faritra



Mpiompy iray eo am-pivarotana ny trondrony



Ny mpiompy trondro manoloana ny coronavirus

hafa na tany ivelany. Teo ankilan'izay, nidina be ny vidin'ny vokatra fanondrana (vanilina, kanelina, sns.) avy amin'ny tsy fisian'ny mpanangom-bokatra noho ireo antony ireo ihany. Mbola mitohy ankehitriny ny fiantraikan'ny fitarazohan'ny krizy ara-pahasalamana maneran-tany amin'ny tantsaha malagasy. Ohatra, nitotongana hatramin'ny 20 % tamin'ny taona 2020 ny

vidin'ny letisy, iray amin'ireo vokatra tena fanondran'ny faritra Atsinanana, ka nahatonga fihenam-bidy lehibe sy tsy fijeren'ireo mpanangom-bokatra ireo faritra mitoka-monina. Manoloana izany, ny trondro, izay amidy eo an-toerana matetika, dia zary loharano ara-tsakafy sy ara-toekarena goavana ary azo lazaina ho maharitra ho an'ny tokantranon'ny mpiompy trondro.

TARATASIN'NY MPAMAKY

Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 48

« Mahaliana ny laobazaha satria tsotra ny famahanana azy ; mora mitombo izy kanefa tsy andaniam-bola betsaka. » Razafindranaka Tovoniaina Samuel (Mitsinjorano, Andoharanomaitso)

« Azo andramana na ompiana eto Afovoan-tany ve ny laobazaha ? » Razanakiarivo Mariot Anselme (Tananomby, Fiadanana), Rakotorahalaha Edmond sy Rakotoarinoro Famatanantsoa (Ivony Miaramiasa)

Valin-tenin'ny APDRA : Maripana ambony kokoa, mihoatra ny 20°C, no ilain'ny laobazaha amin'ny fitombona sy fanatodizana. Mampanahy araka izany ny fahafahany miaina ny ririnina ao Afovoan-tany. Tsy nahomby hatreto ny andrana efa nataon'ny mpikaroka sy ny tantsaha kanefa hitanay fa mety hahavelona tsara ny laobazaha ny faritra farany iva amin'ny Afovoan-tany, miampy fikarakarana sy fepetra tsara (dobo lalina). Mbola ilaina izany ny manao fanadramana !

« Raha vao maharay ny gazety aho dia ny lalao rarinteny miaraka amin'ny valiny eo ambany no mahaliana ahy voalohany. Ankehitriny, ny tsy fisian'ny valin'ny lalao eo ambany [omena amin'ny laharana manaraka ny valiny] dia nitarika ahy ho liana bebe kokoa amin'ny lahatsoratra ny

gazety sy ny famakiana azy. Misaotra ! » Razafindrainibe Hary Jean Charles (Antomboho Manazary)

« Mahaliana ny andrana mikasika ny sakafy tao amin'io lahatsoratra [Famahanana zana-trondro hampiakarana ny taham-pahavelomany] io. Ny antony dia satria azo atao tsara ny mamokatra ny akora ilaina hialàna amin'ny fandaniana mifandraika amin'ny fikojakojana. Hiezaka hatrany hanatsara ny famokarana aho na dia mbola eo am-panombohana aza. » Rafanomezantsoa Falimanana (Antanitsimivonana, Alakamisy Ambohimaha)

« Azo tsapain-tànana ny fihainoana ny feon'ny tantsaha satria ny torohevitra ara-tsakafy momba ny vangolaopaka, izay noresahiko tamin'ny teknisianina, dia hita avy hatrany tao anaty gazety. » Razafimamonjy Hery Marcel (Iranjo, Androy)

Betsaka ianareo mpamokatra no nametra-panontaniana mikasika ny andrana famahanana zana-trondro sy ny fampanatodizana tara ny karpa. Tsy mbola vita anefa ny fankatoavana ny vokatr'izany. Hampahafantarina anareo izany raha vao vonona.

NY METY HO TOETRY NY ANDRO

Natambatray ny vinavinan'ny toetry ny andro ho an'ny volana febroary sy martsa 2021 any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA.

Vinavinan'ny rotsak'orana (fatran'ny orana latsaka) isam-paritra

Fatra voarefy amin'ny milimetatra (mm)


Faritra	Febroary 2021	Martsa 2021
Atsinanana	Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 310 sy 360 mm	Avaratra Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 310 sy 340 mm
		Atsimo Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 340 sy 410 mm
Itasy	Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Mihoatra ny 260 mm	Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 210 sy 250 mm
Vakinankaratra	Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Mihoatra ny 250 mm	Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Latsaky ny 200 mm
Amaron'i Mania	Atsinanana Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 270 sy 310 mm	Avaratra Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 200 sy 250 mm
	Andrefana Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 240 sy 270 mm	Atsimo Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 250 sy 280 mm
Matsiatra Ambony	Atsinanana Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 240 sy 290 mm	Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 160 sy 200 mm
	Atsimo Mitovy na ambony noho ny salan'ny rotsak'orana Eo anelanelan'ny 190 sy 240 mm	

Vinavinan'ny maripana : hafana kokoa mitaha amin'ny antonony ny maripana voavinavina any amin'ny faritra iasan'ny APDRA.

SAMIHafa

RARINTENY

Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



- | | |
|---|---|
| 1. Hetsika fizarana fahalalana na hevitra na fitaovana amin'ny olona maro | 5. Fijanonana ao an-trano noho ny fahamehana ara-pahasalamana |
| 2. Tsimokaretina Covid-19 | 6. Loharano mampidi-bola ho an'ny olona iray |
| 3. Ezaka fampifanarahana na koa fampitoviana | 7. Fiantsoana ny aretina mifindra manerana ny tany |
| 4. Ilazana ny olona mitaiza na manao famokarana biby | |

- Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 48**
- | | |
|----------------|-----------------|
| 1. Vokatra | 4. Fiofanana |
| 2. Fanatsarana | 5. Fikarohana |
| 3. Gourami | 6. Mamahana |
| | 7. Fanandramana |



Nems trondro

Fangaro :

Nofon-trondro 500 g
Fonona nems (vidiana eny an-tseny) 18
Holatra mainty
Kotomila, sira, dipoavatra, menaka fanendasana

Fikarakarana


1. Tetehina ny nofon-trondro alohan'ny hitotoana azy amin'ny fitotoan-kena
2. Tetehina manify ny kotomila sy ny holatra mainty nalona mialoha tao anaty rano mafana
3. Afangaro ny akora rehetra ary ampiana sira sy dipoavatra mba hahazoana sesika
4. Asiana sesika kely ao anaty fonona *nems* ka ahorina hatreo amin'ny antsanany, akombona ny sisiny roa vao ahorina hatramin'ny farany ary araikitra amin'ny lafarinina sy rano



Nems trondro

5. Endasina anaty menaka mafana mandritra ny 2 minitra ny *nems*, apetraka ambony taratasy mifoka menaka
6. Aroso mafana miaraka amin'ny salady maitso

Mazotoa homana ô !



APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

Talen'ny Famoahana

Barbara Bentz

Tonian'ny Fanoratana

Sidonie Rasoarimalala

Mpanoratra

Herisoa C. Andrianantenaina
Julie Mandresilahatra
Chloé Van Moere
Fenozaka Rajaonarivelo
Fanomezantsoa Rasolofoniaina
Vola Ratiarivelo
Donatien Razafindratsiry
Rosalie Razafimatoa
Julien Sadousty
Cassidy Tiambahoaka